



CONSULATE of MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

RAHARAHA SAHANAN'NY KONSILY

Filazana

- Ny **saram-bidy** rehetra dia aloha amin'ny **EURO**, izay **tsy azo averina na onerana**.
- Mba hisorohana ny fahantarana eo amin'ny fikarakarana, dia hiangaviana ny tsirairay hamaky mialoha ny filazana, izay vao hanantona ny Konsily.
- Ny fangatahana rehetra dia tokony haseho ny Konsily ao Budapest, Hongria.

Andraikitra ny Konsily

1. Fanamarinana ara-dalàna ireo antontan-taratasy (Légalisation).

- Ireo antontan-taratasy avy any tamin'ny Ministry ny Raharaham-Bahiny na ny manampahefana hafa any Madagasikara;
- Antontan-taratasy ofisialy nomen'ny manam-pahefana hôngroá;
- Fanamarinana ara-dalàna ny fitondran-tena mendrika, nomen'ny manampahefana any Madagasikara;
- Fanamarinana ara-dalàna ny Nahaterahana (**Acte de Naissance**) na Kôpian'ny Nahaterahana izany, Bokim-mpianakaviana (**Livret de Famille**), Taratasy Fanamarinana Fanambadiana (**Acte de Mariage**), Taratasy Manamarina fa Tsy Manambady (**Certificat de Célibat**) nomen'ny Manampahefana any Madagasikara na teto Hôngria na teto Eoropa;
- Taratasy fanamarinana ara-dalàna ireo fanafody, izay napetraky ny mpangataka na ny manam-pahefana milaza fa ara-dalàna, izay natao tamin'ny teny Anglisy / frantsay;
- Fanamarinana ara-dalàna ny fanekena ny sonia ofisialy sy ny fotomboka ao anaty taratasy iray;
- Fanamarinana ara-dalàna ny fanekena ny dikan'antontan-taratasy (**Traduction**) nataon'ny Konsily;
- Fanamarinana ara-dalàna ny **kôpia** rehetra / **fôtôkôpian'ny** antontan-taratasy ofisialy (**Carte d'Identité, Carte de Résidence, Carte d'Étudiant sy ny sisa**); (ireo antontan-taratasy rehetra ireo dia *tsy maintsy adika amin'ny teny frantsay, izay ny Consulat no miandraikitra azy, alohan'ny legalizena azy (jereo ny antsipirihany etsy ambany - 3. Fandikán-teny antontan-taratasy)*)
- Famoahana taratasy fanamarinana ho an'ny dingana tsirairay, raha ofisialy no ilaina izany;

Fepetra takiana:

- Fanolorana ireo antontan-taratasy, izay ho amarinina ho ara-dalàna;
- Saram-bidy **isaky ny pejy**, izay tsy azo averina na onerana: **50 euros**.



CONSULATE of MADAGASCAR
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

2. Taratasy Vonjy taitra - "Laissez Passer"

Ny "**Laissez Passer**" dia Taratasy Vonjy Taitra izay azo homena ny olom-pirenena Malagasy monina any ivelany, mandritry ny ijanonany any, ary voamarika tanteraka anefa ny fahaverezan 'ny fahaverezan'ny pasipaoro. Ity antontan-taratasy ity dia azo ampiasaina handehanana any Madagasikara.

Ny "**Laissez Passer**" dia tsy azo ampiasana mihoatra ny zotra mandeha any Madagasikara. Tsy maintsy aseho ny manampahefana misahana ny fifindra-mponenana ao Madagasikara izy ity, vao eo ampahatongavana eo amin'ny seranam-piaramanidina Ivato. Ny "**laissez-passer**" dia mana-kery izay voafetra ho iray volana hatreo amin'ny daty nanomezana azy.

Fepetra takiana:

- Fangatahana an-taratasy milaza ny antony;
- Fanamarinana nomen'ny Polisin'ny hongroà, manaporofa ny fahaverezan'ny pasipaoro;
- Fôtôkôpian'ny tapakilan'ny fiaramanidina (billet d'avion) mankany Madagasikara;
- Sary tapaka iray (4X4 cm);
- Saram-bidy, izay tsy azo averina na onerana: **100 euros**.

3. Fandikán-teny antontan-taratasy

Ny fandikán-teny antontan-taratasy ofisialy sy tsy ofisialy, dia toy ireto avy no andraikitra raisina sy iantohan'ny Konsily:

- **fandikán-teny** (avy amin'ny teny *Malagasy havadika teny Hongroa*, na avy amin'ny teny *Hongroa havadika teny Malagasy*, toy izany koa avy amin'ny teny *frantsay havadika teny Hongroa*, teny *anglisy havadika teny Hongroa*, avy amin'ny *Hongroà sy ny teny Anglisy*, toa izany koa ny teny iray amin'ireo firenena Eoropeana havadika teny *frantsay* ..)
- **fanaporofaona**: Ny fanadiadina ny dikan-teny sy / na ny fandikán-teny ara-matihanina na ara-stylistique - (*traduction professionnelle ou stylistique*) ny fototry ny lahatsoratra.
- **fandikán-teny nohavaozina** (*traduction révisée*)
- **fandikán-teny voamarina azo itokiana** (*traduction certifiée authentique*: ho an'ny tanjona fitatánan-draharaha)

Saram-bidy

Fandikán-teny:	0,1 euro / teny
Famerenana/fanaporofaona:	0,07 euro / teny
Fandikán-teny nohavaozina:	0,17 euro / teny
Fandikán-teny voamarina:	0,17 euro/teny + 50 euro / pejy

Ny saram-bidy dia miankina amin'ny rafitry ny lahatsoratra (tsy misy habaka).